

## A Ny Apokalypsy. Apokalypsy 1:1-3.

### ❖ Iza: Jesosy Kristy. 1:1a.

- Ny lohatenin'ny boky dia midika ho “aseho mazava”, “mahita”, “manala ny rakotra”. Ao amin'ny Apokalypsy, dia manambara ny tenany sy manala ny rakotra mba hahitana mazava ny ho avy Jesosy Kristy.
- Jesosy no mpandray anjara fototra ao amin'ny boky.

### ❖ Nahoana: Hanambara ny ho avy. 1:1b.

- Inona no asehon'Andriamanitra ao amin'ny Apokalypsy? Nahoana?
  - (1) Mba ho azontsika fa Andriamanitra no mifehy ny toe-javatra rehetra eto amin'ity izao tontolo izao ity.
  - (2) Mba hananantsika antoka fa hiaraka amintsika mandrakariva Izy, na dia mandritra ny fotoan-tsarotra aza.
  - (3) Mba hiomana amin'ny Fiaviany isika.
  - (4) Mba hankato Azy isika satria miankina Aminy tanteraka.
  - (5) Mba hino isika. “Ary ankehitriny efa nilaza taminareo Aho, dieny tsy mbola tonga izany, mba hinoanareo, rehefa tonga.” (Jaona 14:29).

### ❖ Amin'ny fomba ahoana: Amin'ny fampiasana sary an'ohatra. 1:1d.

- Ny teny grika izay nadika hoe “hanambara”—*sēmainō*—dia midika hoe “manazava amin'ny fampiasana sary an'ohatra.”
- Rehefa mandinika Baiboly isika, dia tokony hijery ny hevitra ara-bakiteny ny teny, raha tsy ohatra anga ka misy heviny ara-tandindona izany. Ao amin'ny Apokalypsy, dia tsy maintsy mijery ny hevitra ara-tandindona aloha isika, raha tsy ohatra ka mazava tsara ny heviny ara-bakiteny.
- Ireo tandindona ao amin'ny Apokalypsy dia maneho toe-javatra tena nisy teo amin'ny tantara na toe-javatra mbola hisy. Betsaka amin'izy ireny no sary an'ohatra ao amin'ny Testamenta Taloha, koa tsy maintsy mandinika ny Testamenta Taloha isika mba hahatakarantsika tsara ny hevitr'izy ireny.

### ❖ Tombony: Ho sambatra. 1:3.

- Rehefa maharay taratasy ny fiangonana tamin'izany fotoana izany, dia misy olona iray mamaky izany eo anatrehan'ny mpivory rehetra. Mihaino am-pahalianana fatratra ny rehetra.
- Ny voalohany amin'ireo fitahiana fito ao amin'ny Apokalypsy dia mandrakotra endrika telo amin'ny fiainana Kristiana:
  - (1) Mamaky: Mizara ny Fanambaran'i Jesosy Kristy.
  - (2) Mihaino: Mandinika ny Fanambaran'i Jesosy Kristy.
  - (3) Mitandrana: Mankato ireo tari-dalana ao amin'ny Fanambaran'i Jesosy Kristy.

## B Fiarahabana avy amin'ny mpanoratra: Andriamanitra. Apokalypsy 1:4-6.

### ❖ Mizara ny faniriany fahasoavana sy fiadanana avy amin'ilay tena mpanoratra ny taratasy i Jaona, toa an'i Paoly sy Petera amin'ny fiarahabana ataony (Rom. 1:7; Efes. 1:2, 1Pet. 1:2):

- NY RAY: “Izaho, izay Izy hatrizay hatrizay ka ho mandrakizay” (Eksodosy 3:14)
- NY FANAHY MASINA: “Ny Fanahy fito” (Isaia 11:2-3; Zakaria 1:11)
- NY ZANAKA: “Jesosy Kristy”
  - (1) Mpaminany (“vavolombelona marina”)
  - (2) Mpisorona (“ny Lahimatoa amin'ny maty” izay “manasa antsika ho afaka amin'ny fahotantsika”)
  - (3) Mpanjaka (“Lehibe amin'ny mpanjaka amin'ny tany”)

### ❖ Faranan'i Jaona amin'ny fampahatsiahivana ny asa ataon'i Jesosy ny fiarahabany. Tia antsika Izy, nanavotra antsika Izy, ary manao antsika ho mpanjaka sy mpisorona miaraka Aminy.

## D Ny lohahevitra: Ny Fiavian'i Kristy fanindroany. Apokalypsy 1:7-8.

### ❖ Ho avy eny amin'ny rahona Jesosy (Matio 24:30). Hahita Azy isika, dia ireo izay hatsangana amin'ny maty sy ireo izay mbola velona amin'ny Fiaviany (Daniela 12:2). Ireo izay nandefo Azy dia hisaona Azy sady halahelo (Zakaria 12:10)

### ❖ Voaresaka mandrakariva ao amin'ny Apokalypsy ny Fiavian'i Jesosy Fanindroany. Hitondra fahafahana ho an'ireo izay niandry Azy Izy, ary fitsarana kosa ho an'ireo izay nankahala Azy.